# Lesson 1: Miatrika Ny Tena Zava-Misy Marina

## A. Ny ilana ny fandinihan-tena

1. Inona no antao nataon'ny apostoly Paoly tamin'ny Kristiana tao Korinto? 2 Korintiana 13:5
2. Nahoana no mahakasika antsika tokoa eo amin'izao fiainantsika ankehitriny izao io antso io?
3. Inona no vavaka nataon'i Davida mpanao Salamo izay mety hanampy antsika rehefa mikatsaka ny hanombana ny ara-panahitsika isika? Salamo 139:23-24
4. Mizarà fotoana iray izay nahatsapanao filana fifandraisana ety kokoa amin'Andriamanitra. Ahoana no nahafantaranao io filanao lehibe?

## B. Torohevitra ho an'ny Kristiana matimaty

1. Apokalypsy 3:14-17 Nahoana io torohevitry ny Vavolombelona Mahatoky sy Marina natao ho an'ny Kristiana any Laodikia no tena mahakasika ny fiainantsika ankehitriny?
2. Ampahany inona amin'io torohevitra io no tena misy fiatraikany indrindra aminao?
3. Inona no torohevitra omen'i Jesosy antsika? Apokalypsy 3:18-19
4. Aiza no ahitanao ny fitiavan'Andriamanitra izay aseho ao amin'io hafatra ho an'ny Kristiana matimaty io?
5. Inona no valin-teninao momba ny fanasan'i Jesosy ao amin'ny Apokalypsy 3:20?
6. Ahoana no hanokafantsika ny varavaran'ny fiainantsika mba handramantsika fifandraisana akaiky kokoa amin'i Jesosy?

## D. Maniry Fifandraisana Ety Amintsika Jehovah Andriamanitra

1. Genesisy 2:7 Ahoana no anehoan'ny tantaran'ny famoronana ny fanirian'ny Mpamorona hanana fifandraisana ety amintsika?

2. Genesisy 3:1-9 Inona no fiantraikan'ny fidiran'ny fahotana tamin'ny fanirian'Andriamanitra hifandray akaiky tamin'ireo ray aman-drenintsika voalohany?
3. Genesisy 5:21-24 Ahoana no ahafahantsika miaina ny fifandraisana akaiky avo lenta niainan'i Enoka tamin'Andriamanitra?
4. Inona avy ireo fanambarana nomena ny mpaminany izay manamafy ny fanirian'i Jehovah hanana fifandraisana ety amintsika io? Eksodosy 25:8, Jeremia 31:3, Zefania 3:17, sns.
5. Aiza no ahitanao ny fanambarana lehibe indrindra momba ny fanirian'Andriamanitra hanana fifandraisana ety amintsika? Jaona 1:1-4, 14,16, 14:23, sns.
6. Inona amin'ny ireo tantara teo amin'ny fiainan'i Jesosy no mampiseho ny fanirian'Andriamanitra hifandray akaiky amintsika?
7. Ahoana no anehoan'ny fampianaran'i Jesosy ao amin'ny Jaona 15:1-11 ny fanirian'Andriamanitra hifandray akaiky amintsika?
8. Ahoana no hanampian'ny Fanahy Masina antsika eo amin'ny fikatsahantsika fifandraisana ety kokoa amin'Andriamanitra? Jaona 14:16-18, 15:26, 16:7,8,13, Romana 8:26, sns.
9. Inona no havalinao ny fanasan'i Jehovah maniry hanana fifandraisana ety kokoa Aminy?